# Mitsahatra ny penina amin'ny olona telo : ny matory ka hatramin'ny hifoazany, ny zaza mandra-pahampy taonany, ary ny adala mandra-pisainany

Tatitra azo avy amin'i Ali (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Mitsahatra ny penina amin'ny olona telo : ny matory ka hatramin'ny hifoazany, ny zaza mandra-pahampy taonany, ary ny adala mandra-pisainany"
[Mari-pototra] [Notantarain'i Abo Daòd, Al-Tirmizì, Al-Nasàì ao amin'ny Al-Kobra, Ibn Màjah, ary Ahmad]

Nambaran'ny Mpaminany (S.A.W) fa voasoratra amin'ny zanak'i Adama ny adidy, afa-tsy ireo olon_telo ireo : Zaza kely mandra-pahalehibeny ka tonga olon-dehibe. Ary amin'ny olona adala izay very saina mandra-piverin'ny sainy. Ary ny olona matory mandra-pifohany. Efa nesorina tamin’izy ireo ny adidy, ary tsy voarakitra an-tsoratra momba azy ireo ny fahotany, fa ny fahatsarana kosa dia voarakitra an-tsoratra ho an’ny zaza kely, fa tsy ho an’ny adala na ho an’ny olona matory. Satria izy roa ireo dia tsy ao anaty sehatr'ireo olona mety aminy ny fanompoany noho ny fanjavonan'ny fahatsapana eo aminy.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee